



VONDRONA EROPEANA  
IRAKA MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA  
MADAGASIKARA 2013



**FAMPITAM-BAOVAO HO AN'NY MPANAO GAZETY**

**Naneho tamin'ny alalan'ny fiaraha-mientana feno sy tao anaty fahatoniana  
ny faniriany hivoaka ny Tetezamita ny vahoaka malagasy**

Antananarivo, faha-27 Oktobra 2013 – Nampahafantarin'ny Lehiben'ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana (MOE UE), Ramatoa Maria Muñiz de Urquiza, izay mpikambana ao amin'ny Antenimiera Eoropeana, androany ny fehiny mialoha avy amin'ny MOE UE momba ny fifidianana Filoham-pirenena tontosa ny Zoma lasa teo. Nanotrona azy tamin'izany ny Filohan'ny Delegasionan'ny Antenimiera Eoropeana, Atoa Philippe Boulland.

“Miarahaba ny vahoaka malagasy ny Iraka noho ny fahavitan'ny fifidianana tao anatin'ny fitoniana. Tiako soritana ny asa niantisorohanin'ireo mpikambana tao amin'ny birao fandatsaham-bato, indrindra ny fiantohana ny fangaraharahan'ny fizotry ny fifidianana. Na nisy aza ny fahasaratana teo amin'ny fanomanana, dia nizotra tsara ny latsabato”, hoy Ramatoa Maria Muñiz de Urquiza.

Mankasitraka ny ezaky ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana CENI-T nandritra ny fotoana nanomanana ny fifidianana ny Iraka MOE UE. Na teo aza anefa ny fanitsiana ny lisitry ny mpifidyj, dia maro tamin'ny olom-pirenena Malagasy no tsy hita akory tao anaty lisi-pifidianana ny anarany. Maro amin'izy ireo anefa no nanana kara-pifidianana.

Hanohy ny asany hatramin'ny fiafaran'ny zotram-pifidianana ny Iraka. Misy ny torohevitra mazava novolavolainy ho fanatsarana ny dingana sasantsasany mialoha ny datin'ny 20 Desambra. Misaotra ny manam-pahefana malagasy sy ny masoivohon'ny Vondrona Eoropeana ary ireo firenena mpikambana ao amin'ny Vondrona Eoropeana ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana.

**Fifandraisana MOE UE Madagascar 2013 :**

Peggy CORLIN – mpiandraikitra ny serasera – Finday : (+261) 033 46 662 56 – Mailaka : [peggy.corlin@moeue-madagascar.eu](mailto:peggy.corlin@moeue-madagascar.eu) ; Rivonala RAZAFISON – mpanampy ny mpiandraikitra ny serasera – Finday : (+261) 033 24 639 83 – Mailaka : [Rivonala.RAZAFISON@moeue-madagascar.eu](mailto:Rivonala.RAZAFISON@moeue-madagascar.eu)